Tsy May Nefa Natsipy tao Anaty Lafaoro Mirehitra

Toromarika: Tsara raha amin'ny toerana mangina ianao no mamaky ny andinin-teny eto ambany. Alao sary an-tsaina ilay tantara. Ataovy toy ny hoe teo mihitsy ianao, ka renao ny feo manodidina sy ny olona miteny, ary tsapanao ny fihetseham-pon'ireo olona asongadina ao.

Mpandray anjara: Sadraka, Mesaka, Abednego, ary Nebokadnezara

Famintinana: Nosedraina ny finoan'ireo hebreo telo lahy

1 *ALAO SARY AN-TSAINA ILAY TANTARA.—VAKIO NY DANIELA 3:1-30.*

Mety ho hoatran'ny ahoana ny feo henonao rehefa mamaky ny andininy 3-7?_____

Mety ho hoatran'ny ahoana ilay lafaoro misy afo mivaivay?_____

Araka ny hevitrao, nanao ahoana ny fihetseham-pon'i Nebokadnezara tamin'izy nandidy hoe hafanao avo fito heny noho ny mahazatra ilay lafaoro? (*Vakio indray ny andininy 19 sy 20.*)_____

Mety ho hoatran'ny ahoana ny paozin'ilay lehilahy fahefatra tao anaty lafaoro? (*Vakio indray ny andininy 24 sy 25.*)_____

Inona no toetran'i Sadraka sy Mesaka ary Abednego hitanao tamin'izy ireo niresaka tamin'i Nebokadnezara, araka ny andininy 16-18?_____

2 *FAKAFAKAO ILAY TANTARA.*

Manaova fikarohana ao amin'izay boky ara-baiboly anananao, ka fantaro hoe firy metatra ny iray hakiho. Kajio avy eo ny hangezan'ilay sarivongana nataon'i Nebokadnezara. (*Vakio indray ny andininy 1.*)_____

Ampitahao amin'ny andininy 28 sy 29 ny andininy 19 sy 20. Mety ho nanao ahoana ny toetran'i Nebokadnezara?_____

3 *AMPIHARO IZAY NIANARANAO. SORATY ETO IZAY NIANARANAO MOMBA AN'IRETO...*

Nahoana ianao no tokony hanaja ny olona manana fahefana?

Nahoana no zava-dehibe ny tsy mivadika amin'ny zavatra inoanao?

Ahoana no fomba hanampian'i Jehovah antsika rehefa misy fitsapana?

FAMPIHARANA HAFA.

Rahoviana *ianao* no mety hiharam-pitsapana?

Nahoana no manampy anao mba tsy hivadika mihitsy ny tantaran'i Sadraka sy Mesaka ary Abednego?

4 *INONA NO HITANAO HOE TENA MAHASOA ANAO AMIN'IO TANTARA IO? NAHOANA?*

www.jw.org © 2011 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania